# Jesoa Velona Ao Amin'i Maria

N° 33 Janoary 2021

*Bulletin Mensuel de Formation et d'Information* - **Association Marie Reine des Coeurs**

## MANORINA AN'I JESOA AO AMINTSIKA

*Fitsidihana am-pirahalahiana nataon'ny Lehibem-pikambanana Jeneralin'ny « Eudistes »*



De gauche à droite: Le p. Wismick, le p. Felix, le p. Arnold, le p. Hyacinthe, le p. Jean-Michel (supérieur général), le p. Luizinho (supérieur général), le p. Marco p. 19



Margarita F. Orduña, avy any Mexico p. 8

p. 14 Alessandro Molé, smm avy any Italie





Frère Nirina, SMM avy any Papouasie Nouvelle Guinée p. 17



# «Inona no tadiavinareo?»

*Miaraka amin'i Pierrette MAIGNÉ*

ALAHADY, 17 JANOARY 2021

HERINANDRO FAHAROA TSOTRA MANDAVAN-TAONA – TAONA B

## Joany 1, 35-42

Nandritra izany fotoana izany,
Teo Joany ilay Mpanao Batemy miaraka amin'ny mpianatra roalahy.
Ka hoy izy nahatazana an'I Jesoa nandalo sy tonga:
"Indro ny Zanak'Ondrin'Andriamanitra".
Nandre izany ireo mpianatra roalahy, dia nanaraka an'i Jesoa.
Nitodika i Jesoa ka nahita azy ireo nanaraka Azy,
Dia nanao tamin'izy ireo hoe: "Inona no tadiavinareo?"
Namaly izy ireo nanao hoe:
"Raby – izay midika hoe:
ry Mpampianatra – aiza ianao no mitoetra?".
Dia hoy Izy taminy : « Avia, fa ho hitanareo »
Dia nandeha izy ireo, Ka hitany izay nitoerany,
Ary nijanona teo Aminy izy ireo tamin'iny andro iny.
Tokony ho tamin'ny ora fahafolo tamin'izay (manodidina ny amin'ny efatra ora tolakandro).

Andre, rahalahin'i Simona Piera, ny iray tamin'ireo mpianatra roalahy.
Izay nandre ny tenin'i Joany sy nanaraka an'i Jesoa.
Dia nahita voalohany an'I Simona rahalahiny izy ary nilaza taminy hoe:
"hitanay ny Mesia" – izay midika hoe: Kristy.
Dia nentin'I Andre ho eo amin'I Jesoa ny rahalahiny.
Nijery azy Jesoa sady nilaza hoe:
"Ianao no Simona, zanak'I Joany; antsoina ihany koa hoe Sefasy ianao" – izay midika hoe: Piera.




Joany dia tsy mitantara firy toy ny Evanjely sinoptika rehetra, ny amin'ny fiantsoana ny mpianatr'I jesoa, eto dia mihaona amin'I Jesoa ireo mpianany voalohany. Joany Batista, amin'ny andininy vitsivitsy ery ambony, mamaly ny fanontanian'ireo jody izay milaza fa: "izy ilay feo mikiaka any an'efitra ary tsy mendrika hamaha ny fehi-kapany akory". Ny ampitso nahita an'I Jesoa dia namerina fanambarana lehibe: "Indro ny Zanak'Ondrin'Andriamanitra". Ity teny ity dia tsy maintsy nisy heviny manokana ho an'ireo Mpianatr'I Joany roalahy izay nandao ny lehibeny mba hanaraka an'I Jesoa.

Amin'ity lahatsoratra ity dia mahita fanoloran-tena anankiroa isika amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona: I Joany Batista manoloana ireo mpianany roalahy ary avy eo  Andre manoloana an'I Piera rahalahiny.

Isaky ny misy fifindran-toerana: mpianatra roalahy hatrany no manaraka an'I Jesoa; ary Piera manaraka an'I Andre rahalahany: hitantsika eto ny maha-zava-dehibe ny fijoroana vavolombelom-pinoana anaty fampitan-kafatra.



Jesoa no manomboka ny resadresaka eto: "Inona no tadiavinareo?". Mampiavaka ny olombelona ny fikarohana: fikarohana ny dikany, ho amin'ny hafenoam-piainana. Ary ny navalin'izy ireo – "aiza lanao no mitoetra?" – manambara amintsika izany fa ny zava-dehibe dia tsy ny fanarahana an'I Jesoa irery ihany toy ny ataon'ireo vahoaka matetika, fa ny fijanonana miaraka Aminy. Mba tena ho mpianatra dia mijanona miaraka amin'ny mpampianatra, ary Jesoa dia mamaly io fanontaniana io amin'ny filazany amin'izy ireo hoe: "Avia fa ho hitanareo". Eto izahay dia milaza ny fizotry ny finoana: mankamin'I Jesoa ary mitoetra miaraka Aminy: izany no atolotra antsika.



Nihazakazaka nitady ny rahalahiny Andre ary nanambara izy fa nahita: "ny Mesia". Nolazain'i Joany fa Jesoa no Zanak'Ondrin'Andriamanitra, ary Andre nanambara fa ity Zanak'Ondrin'Andriamanitra ity dia ny Mesia. Ny "mitady" dia mamaly ho "mahita". Anaty filaharana miaraka amin'I Piera, dia I Jesoa vaovao no manomboka ny fihaonana: manopy ny masony amin'I Piera Izy, miditra ao aminy ary miombona aminy. Simona izay fantatra ny mampiavaka azy ary antsoina tamin'ny anarany teo aloha mba handray ny mombamomba azy vaovao, anarana anankiray vaovao: lasa mpianatra nantsoin'I Jesoa izy.

Isika tsirairay ihany koa, manoloana ny lalantsika ara-panahy dia matetika miditra an-tsehatra ny mpanelanelana kanefa ny fizotran'ny finoana dia vokatry ny safidy malalaka sy ny antson'I Jesoa. Enga anie isika hisaotra an'ireo rehetra napetraky ny Tompo eo amin'ny lalantsika ka mamela antsika hihaona amin'I Kristy "Zanak'Ondrin'Andriamanitra". Ary amin'ny anjarantsika, ho tonga vavolombelon'izy ireo anie isika amin'ny alalan'ny teniny sy ny fijoroana ho vavolombelona amin'ny fiainan'izy ireo amin'ny fanekena ity fihaonana ity. ■

"Mba tena ho mpianatra dia mijanona miaraka amin'ny mpampianatra.

# HANITRA

Avy amin'i Dola Dhanush

"Ry Jesoa mamiko...tariho ho any Aminao aho, mihazakazaka mankamin'ny hanitrao mamerovero izahay" (DBM 29).

Indraindray, mitranga izany ka mihodina mitodika amin'ny olona isika mba hijery azy satria misy hanitra mahafinaritra mivoaka avy aminy ary aparitaky ny rivotra izany mba ho  rentsika. Ny ranomanitra na hanitra hafa ampiasain'ny olona iray noho ny antony maro samihafa, ohatra mba hampitomboany ny fahatokisan-tenany, mba ho fitoniany ary hihoarany amin'ny fofona mahery vaika amin'ny vatany. Na inona antony, ny olona mandre hanitra dia mitady an'izany – na dia ho azy irery ihany aza – ny loharano ipoiran'izany hanitra izany, sy izay mampiasa izany. Ny fiainantsika, izay manana refy ara-tsosialy dia tsy afa-mandositra ny fieritreretan'ny hafa. Toy ny ranomanitra, izay lazaintsika sy ataontsika dia manaparitaka zavatra izay ahafahan'ny olona mahafantatra hoe iza isika.

> "Toy ny ranomanitra, izay lazaintsika sy ataontsika dia manaparitaka zavatra izay ahafahan'ny olona mahafantatra hoe iza isika"

Ny ranomanitra dia isan'ny zavatra fampiasa ivelany ary afendraka amin'ny vatantsika, azo ampiasaina izy, ary azo tsy raharahina koa. Noho izany, raha te hanana fiainana mani-pofona isika, dia tsy maintsy mamboly zavatra izay matanjaka sy tsy miovaova, noho izany, isan'ny fombam-piainana iray izay. Raha tsy misy an'io, tsy manintona ny fiainantsika. Io hanitra tsara io dia hitan'ny manodidina antsika vokatry ny voa tsara izay entintsika amin'ny fiainam-piarahamonina misy antsika.



Ny fofon-dranomanitra dia manintona ny saintsika amin'ny olona izay mampiasa azy, ary amin'ny ankapobeny dia mijanona eo, tsy afaka mandeha lavitra kokoa isika ohatra ny famantarana hoe inona ny mari-pamantarana ilay ranomanitra, iza no nanamboatra azy, taiza no namokarana azy... Raha ny « ny fofon'ny fiainana » ampitain'ny olona no manosika antsika hamantatra ny tsiambaratelo mahatonga ny fiainany ho tsara tarehy. Fotoana iray hanararaotan'ilay olona nanaparitaka "hanitra" toy izany ny zava-misy na ho fijoroana ho vavolombelona. Tsy isika no ho ivon'ny fieritreretan'ny olona fa ny "tsindry" izay mahatonga ny fiainantsika afaka manaparitaka fisarihana avy amin'ny hafa.



Ao anatin'ny asa sorany rehetra dia ampiasan'I Montfort impolo ny teny hoe "hanitra" ary in'efapolo kosa ny hoe " fofona". Milaza mazava izy fa loharanon'ny hanitra sy ireo karazana hanitra sy tsiro mamerovero izay ampiasaintsika eo amin'ny fiainana ny Fahendrena (ASE 25). Nampiasain'I Maria, Renin'I Jesoa io hanitra io (Jerevo SM 30), ary ampiasaintsika indrindra ihany koa raha toa ka "mahafoy ny tenantsika isika ary tsy mivadika amin'izany" (jereo. SM 38). Tena natobak'Andriamanitra io hanitra mamerovero io mba handrotsahany ho antsika ny fitahiany (VD 184, 211). "Eee! Ho Tongasoa eo anilan'I Jesoa Kristy, izay Rain'ny taonjato hifandimby anie ny zaza feno hanitra kanton'I Maria. Ary hiombona ara-potoana sy tanteraka feno Aminy anie izy!" (VD 211).

> "Milaza mazava izy fa loharanon'ny hanitra sy ireo karazana hanitra sy tsiro mamerovero izay ampiasaintsika eo amin'ny fiainana ny Fahendrena (ASE 25)"

Hitantsika tsara ankehitriny fa ampiasain'I Montfort io endrika "hanitra" io mba hilazana fa tokony hiaina ny fiainana maha kristianina ho toy ny hanitra vaovao atolotsika ny fianakaviana sy ny fikambanana ary ny fiarahamonina izay iainantsika sy iasantsika isika. Mazava ho azy fa fifangaroan'ny **« fahamendrehana sy hatsaram-panahy ao amin'i Jesoa sy I Maria » izay hazontsika teo amin'ny fiainantsika ny hanitrantsika** (Jer. SM 38 ; VD 206). **Ireo hanitra izay aparitatsika dia Ireo karazana asa soa maro nototosaintsika isan'andro teo amin'ireo fiainantsika feno fahatsorana ireo ihany koa** (Jer. VD 68).

Hoy Montfort mihira : « Iaino amin-kafanam-po hatrany ny tsara/Saingy ataovy ho an'Andriamanitra irery ihany sy natao hahafaly Azy,/ Ka tsy hisasatra mihintsy handinika/, izay azo sainina na tenenina na koa atao, / Mba ho tonga hanitra tsaran'I / Jesoa Kristy, ilay Mpamomjy anao" (C 37, 107). I Jesoa no antony na loharano niavian'ny hatsaran'ny fiainantsika. Hoy Montfort: " Amin'ny alalan'I Jesoa-Kristy, miaraka amin'I Jesoa Kristy, ao amin'I Jesoa Kristy, dia afaka amin'ny zavatra rehetra: manome voninahitra sy haja azy Ray, ao amin'ny fiombonan'ny Fanahy Masina; afaka mandavorary tena ary zary ho hanitra manitry ny Fiainana mandrakizay ho an'ny namantsika"(VD 61).






Ankoatry ny endrika « hanitra », dia ampiasain'I Montfort ihany koa ireo endrika voankazo, ronono, sy voly maro...(VD 68) mba hilaza tsy tapaka fa mba hisy dikany ny fisiantsika dia tsy maintsy mitondra anjara birikiny eo amin'ny fiainana ara-piarahamonina – ka tsy heverina izany na kely na lehibe  fa arakaraka ny karazana sy ny habetsakin'ny talenta noraisintsika tsirairay avy (jer. Mat 25 ; 14-30). Ny tanjona dia ny mba hiainantsika  ao anatin'ny " hanitry ny fahamasinana".

> "Inona ary izany no izy? Tena manapariaka hanitra mahatehotia eo amin'ny manodidina ahy ve ny fiainako?"



Moa tsy nilaza tamin'ireo mpianany moa Jesoa ao amin'ny Evanjelin'i Joany manao hoe : «  Tsy ianareo no nifidy ahy fa izaho no nifidy anareo sy nametraka anareo, mba handehananareo, mba hamoa be ary mba hitoetra ny  vokatrareo ». (Jn 15,16) ? Izay kritianina tsy mamokatra na manapariaka ny aroma manitra eo amin'ny fiarahamonina manodidina azy dia olona tsy mamokatra (VD 249) na ihany koa olona mitondra akanjo tonta (SM 38). Inona ary izany no izy? Tena manapariaka hanitra mahatehotia eo amin'ny manodidina ahy ve ny fiainako? Ambaran'I Montfort fa: "Fa iza moa ireo mpanompo sy andevo ary zanak'I Maria? Dia ireo afo mandoro; mpandraharahan'Izy Tompo izay manapariaka ny afom-pitiavan'Andriamanitra hatraiza hatraiza. Hipariaka hatraiza hatraiza ny hanitra tsaran'I Jesoa Kristy ho an'ireo mahantra sy madinika. Saingy fofom-pahafatesana kosa ho an'ireo mpanana, ireo vaventy, ireo mpiavonavona eo amin'izao tontolo izao" (VD 56). ■



# «Iriako hifampizarana aminareo ny tantaranay nanokan-tena rehetra aty Tampico - Mexico»

Margarita Flores Orduña, avy any Mexico

***Nanomboka tamin'ny fiandohan'ny volana septambra 2020 teo no efa nifandray tamin'ny « Centre International de l'Association Marie Reine des Cœurs » ao Roma i ramatoa Margarita avy any amin'ny Diosezin'i Tampico, any Mexico, mba hanoratana ao amin'ny rejistra ireo rehetra nanao ny « Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria » tamin'ny Paroasy maromaro ao amin'ny Diosezy. Izany dia vokatry ny fiaraha-miasany niaraka tamin'ny olona maro anatin'ny ekipa tantanan'ny pretra tompom-paritany tany sy tamin'ny fifandraisana matetika miaraka amin'ireo Misionera Montfortana avy ao amin'ny Provinsin'ny Colombie.***



Dia-masina niaraka tamin'ny Sakramenta Masina tao amin'ny ankohonam-piainana misy an'i P. Celestial sy P. Guillermo BuenoRostro

Manolotra ny arahaba am-pirahalahiana ho an'ny rehetra. **Margarita Flores Orduña** no anarako, meksikanina aho, nanao ny fanokanan-tenako amin'i Jesoa amin'ny alàlan'ny tànan'i Maria aho ny 8 desambra 2012. Ao amin'ny Paroasin'ny San Pedro y San Pablo Diosezin'i Tampico no misy ahy ; misaotra an'Andriamanitra sy Maria Virjiny aho amin'izany fanomezana lehibe izany ary iriako hifampizarana aminareo eto ny tantaran'ireo nanokan-tena rehetra aty Tampico – Mexique.

Mba hisantarana ity làlana nofidian'Andriamanitra hahatongavana aminay ity dia nanam-paniriana izahay nyhikaroka mba hahalala ilay fomba natolotr'i Mompera avy any Montfort ao amin'ny Fitiavana sy Fanajana Lavorary an'i Masina Maria. Ny nanombohanay azy dia ny fangatahana fihaonana tamin'ny Eveka, Mgr Joé Luis Dibildox, sy fangatahana alàlana hitsidika ireo Paroasy ao amin'ny Diosezy misy anay, ary niaraka tamin'ny fankatoavan'ireo Pretra, mba ahafahana mampiely ny Fanokanan-tena Lavorary Manontolo amin'i Jesoa amin'ny alàlan'ny tànan'i Maria, ny haleben'ny Misterin'ny Raozery Masina Indrindra, fanomezan-dàlana izay nomen'ny Eveka. (+).

P. Martin no nitantana anay ka nipetraka teo ambany fiandidian'ny Eveka, Mgr José Armando Alvarez Cano, izahay ary nitsidika azy tamin'ity herinandro ity mba hisaotra azy sahady amin'ny fitarihany ny Sorona Masina ho an'ireo Fanokanan-tena izay hatao ny andron'ny Fankalazana manetriketrika an'i Masina Maria notorontoronina tsy azon-keloka. Noho ny fiaraha-miasa tamin'ny Vikera Jeneraly, P.Ricardo Ramos, dia faly ny Eveka tamin'ny fahatanterahan'ireny Fanokanan-tena ireny sy ireo fanavaozana entiny ao amin'ny Katedraly. Natolotray ny Monsenera ny Boky Volamenan'ny Aim-panahy Montfortana, boky ifotoranay amin'ny fiofanana feno ho amin'ny fanomanana ny Fanokanan-tena, izay raisina koa miaraka amin'ireo boky ilaina ao amin'ny « Manuel » sy amin'ireo vavaka.

Teny am-piandohan'ny Misionanay, ny fotoana voalohany notanterahinay dia tany amin'ny Paroasy San Juan Bosco, niarahana tamin'i P. Bernardo izay nanaiky ny fanentanana isaky ny alahady mandritra ireo Lamesa misy ; teo no niforona ny vondrona fiomanana voalohany ho amin'ny fanokanan-tena ary niampy vondrona maromaro taty aoriana.

Ireto avy ireo Paroasy notsidihinay tato amin'ny Diosezy misy anay : Paroasy San Juan Bosco - P. Bernardo (Cd. Madero Tamaulipas), Paroasy San Pedro Esqueda - P. Miguel Ángel, Lasapely San Juanita - P. Juan Carlos Rosas (+), Paroasy Nuestra Señora delRefugio - P. Jorge, Paroasy del Padre Celestial - P. Guillermo, Paroasy San Esteban - P. David (Altamira Tamaulipas), Paroasy Santiago Apóstol (Tampico). Paroasy San Felipe - P. Gustavo, Paroasy San Luis Gonzaga - P. Martín, Paroasy El buen Pastor - P. Ricardo, Paroasy San Agustín - P. Jesús. Ary nisy ireo efa nanokan-tena maro an'isa avy amin'ny paroasy isan-karazany no tonga nanatona anay mba hiomana sy hanaraka ny làlam-panahy; ny ankamaroan'izy ireo dia mandray anjara amin'ny asa pastoraly maro eo anivon'ny ankohonam-piainana misy azy.

Isaoranay manokana i **P. Martín Rodríguez O.,** mpanolo-tsaina anay, izay liana mandrakariva tamin'izay nataonay ary mankasitraka azy indrindra izahay.

Ny fandraisana anjaran'ireo rehetra Nanokan-tena.

Ny pastoralin'ny vahoaka.

Ny katesizy fiomanana ho amin'ny Fanokanan-tena ao amin'ny Paroasy San Bosco.

Ny pastoralin'ny fikambanana Sainte Vierge du Carmel tamin'ny Jobily Faha zato taonan'i Masina Maria niseho tany Fatimà.

Ny taon-Jobilin'ny Raozery amin'i Masina Maria tany Karmely ny 16 jolay 2017-2018, tao amin'ny sektera 11, Santiago el menor, niaraka tamin'ny fiventesana ny sapile tany an-tokantrano maro.

Ny Fivahinianana Masina fanao isan-taona, ny Lamesa Masina, ireo Fanokanan-tena, miaraka amin'ny fibanjinana ny Misterin'ny Fahatongavana ho Nofo izay Mistery tena an'ity fitiavana amam-panajana ity manokana.

Ireo fiatahana masina ara-panahy, indroa isan-taona (Fitsaohana ny Sakramenta Masina, Lamesa Masina, Konfesy, fiventesana ny Raozery Masina ary famelabelaran-kevitra).

Ny fivahinianana masina tany amin'ireo Paroasin'ny Diosezy ho an'ny taon-Jobilin'ny Famindrampon'Andriamanitra ny taona 2015. Nitsidika paroasy 5 ato amin'ny diosezy misy anay izahay.

Ny fivahinianana masina, ny Lamesa Masina ary ireo Fankamasinana ho an'ny fanokanana ny Lasapely Adoration tao amin'ny paroasy iandreketan'i P. Celestial ny 25 martsa 2018.

Ireo katesizy miompana manokana amin'i Masina Maria tao amin'ny paroasy misy an'i P. Celestial ihany.

Ny pastoralin'ny paroasy ho an'ny fankalazana ny fetin'i Masina Maria niseho tany Karmely, ao amin'ny ankohonam-piainan'i San Luis Gonzaga, nandritra ny taona maro.



Sariko tamin'ny nanaovako ny Fanokanan-tena, Paroasy San Pedro y San Pablo - P. Jorge García Guevara.

**Ministeran'ireo Nanokan-tena ao amin'ny Paroasy San Juan Bosco, Mpandrindra : Hortensia Palomares**
Fiaraha-misakafo any amin'ny Maison San Pedro isaky ny asabotsy farany amin'ny volana.
Fandinihana ireo Misterin'ny Raozery Masina isaky ny asabotsy, amin'ny 5 ora hatramin'ny 6ora maraina.
Fitsaohana ny Sakramenta Masina isaky ny alarobia, amin'ny 10ora hatramin'ny 11ora antoandro.
Isan-taona dia mandray anjara amin'ny fizarana menaka 600 litatra sy atody maro hoan'ireo tena mila fanampiana izahay.

**Ministeran'ireo Nanokan-tena ao amin'ny Paroasy El Buen Pastor, Mpandrindra : Jorge Luis Zapiens**
Mihoatran'ny 50% aminay efa nanokan-tena no misahana asa pastoraly maro ato amin'ny paroasy misy anay ihany, izay mandeha manomboka amin'ny fandrindrana ankapobeny sy ny fandaharam-potoana ao amin'ny Lasapely fanaovana ny Fitsaohana ny Sakramenta Masina tsy an-kijanona, ao koa ireo katesista, ireo mpikambana ao amin'ny Fihavaozana Karismatika amin'ny Fanahy Masina, hatrany amin'ny mpikambana amin'ny fanentanana ny Fitsaohana ny Sakramenta Masina mandritra ny alina, M.F.C., ANSPAC. Mifandray amin'ny alàlan'ny Whatsapp izahay, izay namoronanay vondrom-bavaka ho an'ny filàn'ny ankohonam-piainana, ary misy fotoana aza dia mizara vondrona kely maromaro izahay manatanteraka asa fanasoavana.
Manana vondrona efatra ahitàna olona 20 avy izahay, ary isaky ny efatra andro voalohany amin'ny volana no mivory (mihatra amy ny manarakaraka amin'izao fotoana izao) mba hiventesana ny Raozery Masina ; manome azy ireo fiofanana fanampiny koa izahay toy ny famaritana ny toe-pahasoavana, ireo fototra iorenana ara-baiboly sy ny « CEC » mifanaraka amin'ny Fanokanan-tena, ireo haren'ny hatsaram-panahy, ireo fahelemena.

**Fiofanan'ireo Nanokan-tena ao amin'ny diosezy.**
Mivory isam-bolana izahay any amin'ny Monasteran'ny Adoratrices hanaovana ny katesizy fiomanana. Tamin'ny taona 2019 dia nahazo ny fanohanan'ny pretra 5 mirahalahy avy amin'ny Diosezy misy anay izahay ho an'ireo dingana isan-karazany : **P. Martín, P. Ricardo, P. Joel, P. Juan José, P. Bernardo.**




Sary maneho ireo boky anànanay ho fampivoarana ireo nanokan-tena, ny ankamaroan'ireo efa nanokan-tena avy any amin'ireo Paroasy isan-karazany dia efa manana boky izay azony tamin'ny fanomanana azy tamin'ny làlan'ny aim-panahy. Tany any amin'ny « Centre Marial, Marie Reine des cœurs » tany Bogota, Colombie, no nazahoana azy rehetra ireo ; raha nanao fikarohana izahay dia nahita ny toerana ary tao no nifandraisanay tamin'ireo SMM Provinsin'i Colombie ; singanina manokana i Mompera Gabriel Antonio Riveros Prieto sy Jorge Enrique izay nifandray taminay nanomboka teo amin'ny nividianana ny boky voalohany ary mitohy hatramin'izao. Avy tamin'ireo entana ireono nahafahanay nahazo ny fitaovana rehetra nilaina.



P. Jorge Enrique González sy P. Gabriel Riveros (SMM) izay notantanan'Andriamanitra teo amin'ny làlanay tamin'ny fanohanany sy fanoroany hevitra anay, tao amin'ny Centre Marial ao Bogota, Colombie.

Ny zavatra natao tamin'ny fiofanana nomenay an'ireo nanokan-tena dia ny fandalinana ireo asasoratr'i Mompera avy any Montfort, toy ny ASE, ny SM, TVD, ny tantara momba an'i P. avy any Montfort (P. Falsina), ny vavaka hasivianandro izay fanaonay isan-taona, ny SAR, ireo karazana fomba fanaovana ny Raozery Masina, ny Vavaka Mivaivay, tononkira vitsivitsy, ny « Livre d'Or », ny « Ecole de Spiritualité Française », manana ireo boky rehetra natontan'ny Edisiona Montfortana izahay sy ny « Œuvres Complètes » ; noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy noho ny fanohanan'ireo mpiara-miombon'antoka toa an'i **Tereza Salazar**, dia niara-nametraka asa pastoraly tena tsara izahay eo am-panompoana ny Reninay. Nanana fahafahana nanafatra ireo boky ireo taty amin'ny firenenay izahay noho ny fanampian'i **P. Jorge González (SMM) sy i P. Gabriel Antonio Riveros (SMM)**, izay nandray anay vao haingana amin'ny fanohanana amin'ny zava-drehetra. Nitari-dàlana anay tamin'ny alàlan'ny torohevitra izy ireo amin'ny fanomezana anay ireo boky ilaina ho amin'ny fampandrosoana ireo nanokan-tena ; nanomboka làlam-pandalinana ny aim-panahy montfortana izahay ny volana novambra, niaraka tamin'i P. Gabriel ary voalahatra indroa isam-bolana izany fifampiresahana izany. Amin'izao fotoana izao, ao amin'ny vondrona misy ireo efa nanokan-tena, dia eo amin'ny famakiana ny famintinana ny tantaram-piainan'i Montfort (Blain) izahay ary misaotra an'Andriamanitra izahay noho ity fitantanany anay ity. Lehibe azo tsapain-tànana tokoa ny fivoaran'ireo nanokan-tena aty aminay nanomboka tany am-boalohany ka mandrak'ankehitriny.

"Ny zavatra natao tamin'ny fiofanana nomenay an'ireo nanokan-tena dia ny fandalinana ireo asasoratr'i Mompera avy any Montfort"




Fanokanan-tena. Lasapely San Juanita, ankohonam-piainana ao amin'ny Paroasy San Pedro Esqueda. P. Juan Carlos Rosas.






Fivahinianana masina fanao isan-taona, Fanokanan-tena natao tamin'ny fankalazana ny Misterin'ny Fahatongavana ho nofo.

Ny zavatra izay noraisinay indrindra tamin'ny fijoroana vavolombelona nataon'ity Misionera lehibe ity, i Mompera avy any Montfort, dia ny fanekeny an'Andriamanitra, an'ny Fiangonana, an'i Masina Maria sy ny fanasoavana ny namana ; izany dia nanampy anay hiatrika ireo fanamby niainanay tamim-panantenana lehibe, izay asan'Andriamanitra ary rahamiaraka amin'ny fitiavana ny fiombonana amin'ireo mpiara-belona dia misy vahaolana ny zava-drehetra rehetra.

Ary isaorako etoana ireo rehetra niaraka taminay tao anatin'ity Misiona ity : **Hortensia Palomares, Rosy Gudiño, Patricia, Margarita Flores Perez, Sara Guerrero, Daniela Aguilera.** ■



# Anao manontolo ry Maria !

## NANOKAN-TENA AMIN'I JESOA AMIN'NY ALÀLAN'NY TÀNAN'I MARIA ISIKA

Avy amin'i Alessandro Molé, smm

***Izao manaraka izao dia fifampizarana nataon'i Alessandro, skolastika montfortana, izay nanonona ny voady voalohany tao amin'ny Compagnie de Marie any Santeramo, Bari, Italie, ny 20 septambra 2020 teo niaraka tamin'i Marek sy Daniel.***

Ny alahady 20 septambra 2020 dia nanonona ny voady voalohany amin'ny maha relijiozy azy i Marek Maciejczuk sy Alessandro Molé ary Daniel Lugutko tany Santeramo in Colle (BA), toerana misy ny Novisia. Androm-piravoravoana izany ho an'ny Provinsin'ny Italie,ary niainana tao anatin'ny toe-panahy ara-pirahalahiana niaraka tamin'ireo rahalahy mpiray fikambanana, namana sy fianakaviana izay tonga nanatrika ny fotoana. Na ireo « Santermans » (mponin'i Santeramo) izay mpivavaka matetika ao amin'ny Lasapelin'ny ankohonam-piainana montfortana misy anay aza dia mba tonga nanotrona tamin'io fotoana io mba hanehoany aminay ny fiombonam-pony sy ny fanakekezany anay, izahay telo mirahalahy hanao ny voady, amin'ny fandraisana anjara maro amin'ny fankalazana, na dia teo aza ireo famerana tsy maintsy narahina noho ny fisian'ny valan'aretina.

> "Nifandimby tamin'ny fianarana ny fotoana fanatanterahana ny asa fanompoana sy ny vavaka isan'andro, manokana sy miaraka amin'ny ankohonam-piainana…."

Nanomboka tamin'ny andro voalohan'ny novisia dia nandray anay tamin-kafanampo ireo mponina ao an-toerana izay nanao izay hahatsapanay fa sahala ny any aminay izahay aty amin-dry zareo. Ireo mpampiofana anay sy ireo pretra rehetra tao amin'ny ankohonam-piainana ao Santeramo, tamin'ny toe-po maha ray am-panahy mendrika sy fihetsika maneho fitiavana dia nankahery anay mandrakariva sy nitari-dàlana anay teo amin'ny làlam-piomanana. Tamin'ny alàlan'izy ireo, nandritra ny roambinifolo volana tao amin'ny Novisia, dia nanana fahafahana tsara izahay handalina momba an'i Masindahy Louis avy any Montfort, ny aim-panahiny sy ny fanomezam-pahasoavana ananan'ny Kongregasiona misy anay. Nifandimby tamin'ny fianarana ny fotoana fanatanterahana ny asa fanompoana sy ny vavaka isan'andro, manokana sy miaraka amin'ny ankohonam-piainana, teny anelanelan'ireo fotoana maro natokana ho an'ny Fitsaohana ny Sakramenta Masina sy ireo fiatahana masina ara-panahy. Efa nampandrenesina izahay fa ity taona ity dia ho vanim-potoana tsy manan-tsahala sy fotoana sarobidy mba hanorenana ireo fototry ny làlam-pirosoanay ho relijiozy. Ary dia izany tokoa no nitranga. Fotoam-« pahasoavana » ny novisia, izay nahafahanay nanamafy orina isan'andro ny fifandraisan'ny fiombonanay amin'ny Tompo, miaraka amin'i Maria, sy fametrahana tao am-ponay ny faniriana mivaivay hanome sy hanokana ny fiainanay an'Andriamanitra, amin'ny fanompoana Azy.

“Izany safidy miorim-paka ny hametra-tena am-pahatokisana amin’Andriamanitra izany, izay mety ho fahadalàna ho an’izao tontolo izao, dia valin-teny tokana ihany amin’ny antson’Andriamanitra izay niantefa tato amin’ny fiainanay”



Ny andro mialoha ny fanononana ny voady voalohany dia tafavory tao amin’ny Lasapely teo aloha sy tsara ery an’ny Novisia ny ankohonam-piainana manontolo, ary nandritra ny fanaovana ny vavaka hariva no nanavaozanay telo mirahalahy ny toky nomenay tamin’ny batemy, tamin’ny fanaovana ny Fanokanan-tena amin’i Jesoa amin’ny alàlan’ny tànan’i Maria, manoloana ny sary maneho an’i Masina Maria Mpanjakavavin’ny Raozery eo am-pitànanajiro mirehitra. Nampahatsiahivin’i P. Mario Belotti, Lehibem-pikambanana, nandritra ny toriteny nataony fa maro ny endrim-panompoana misy eo amin’izao tontolo izao fa ny fomba atolotr’i Mompera avy any Montfort irery ihany no « maha afaka » sy « maha masina » ho an’ny olombelona.

Raha ny marina dia nirianay ny nanatanteraka, raha raisina ny teniny : « fanehoam-pitiavana tsy misy tambiny, fanoloran-tena tanteraka, manontolo ary mandrakizay amin’i Kristy tsy misy avela na fangatahana manokana – miaina fanompoana am-pitiavana – izay manana tanjona tokana dia ny voninahitr’Andriamanitra sy ny fahafahana manome voninahitra sy manompo an’Andriamanitra sy ny mpiara-belona amin’ny alàlan’i Jesoa, tahaka an’i Maria. Izany safidy miorim-paka ny hametra-tena am-pahatokisana amin’Andriamanitra izany, izay mety ho fahadalàna ho an’izao tontolo izao, dia valin-teny tokana ihany amin’ny antson’Andriamanitra izay niantefa tato amin’ny fiainanay : nahatsapa-tena mandrakariva izahay fa tiany toy ireny «vakana sarobidy » ireny ary nanao andrana manoloana ireo fahasoavana marobe noho ny famindrapony tsy misy fetra taminay.

Raha mandinika ny tantarako manokana ary aho, dia tsapako fa tena làlana nitarika ahy hankany amin'ny antson'Andriamanitra niantefa tamiko tokoa i Maria. Natolotry ny reniko niteraka ahy taminy aho ho fankasitrahana an'Andriamanitra amin'ny fahasoavana azony. Nitombo teo anilan'ny pretra izay nahay namindra tamiko tamin'ny alàlan'ny ministerany sy ny fijroana vavolombelon'ny fiainany, ny fiheverana lalina an'Andriamanitra sy ny fitiavana lehibe ho an'i Masina Maria, amin'ny fanaovana ho fitaovana ny tenany mba hanavahako izay antson'Andriamanitra miantefa amiko aho. **Araka izany, hatramin'ny naha adolatsento ahy dia teraka tato amiko ny faniriana hanolotra ny fiainako an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny tànan'i Maria**.

Nandray anjara tamin'ny katesizy miompana bebe kokoa amin'i Maria notarihin'ireo misionera montfortana tao amin'ny paroasy nisy ahy tany Roma aho ary nandritra ny fotoam-piofanan'ny novisia dia nahatsapa fifandraisana manokana niaraka tamin'ny fanomezam-pahasoavana sy ny aim-panahin'i Masindahy Louis-Marie avy any Montfort aho, ary tao no notsoahiko ny lanjany lehibe ara teolojika sy ara-pamonjena ho an'ny mpino tsirairay. Noho izany antony izany dia iriako toroana hevitra izay rehetra mbola eo am-pitadiavana an'Andritamanitra na maniry hanome lanjany bebe kokoa ny fisiany, ny "tena fitiavana amam-panajana marina" atolotr'i Montfort. I Maria tokoa mantsy no kintana fitarikandron'ny fiainantsika sy làlana mora sy lavorary indrindra izay nomen'Andriamanitra antsika mba hiombonantsika tanteraka Aminy, mba hitiavantsika Azy amin-kamorampo sy hanompoantsika azy amim-paharetana (VD 62). Amin'izany, hamafisiko etoana amin-kafaliana : **"Totus tuus ego sum, et omnia mea tua sunt : Anao manontolo aho sy izay rehetra ananako, ry Jesoako mahatehotia, amin'ny alàlan'i Maria Reninao Masina» ( VD 233). ■**



# Fiantsoan'Andriamanitra vaovao ao Papouasie Nouvelle Guinée



*Avy amin'i Frère Nirina, SMM*



Mitsangana ankavia miankavanana : P. Moko, Anselm, Clifford, Mgr Gilles, Steven, Desmond, Br. Nirina, Kelly.
Mipetraka ankavia miankavanana : John, Godwin, Tresi.

**PORT MORESBY, PNG** - Tonga namangy ny trano fiofanana ireo misionera montfortanina antsoina hoe « Trano monfortanina » ao Bomana Port Moresby , PNG ny Mgr Gilles Coté , eveka ny diosezy Daru-Kiunga ny Alakamisy 29 Oktobra 2020. Tamin'io fotoana io, ankoatry ny fankafantarana ireo mpiofana , nitantara ny fianan'ireo mpino ao amin'ny Diosezy iandreketany ny Mgr Gilles.Noresahiny tamin'izany , ny sekoly iray izay vao nisokatra , antsoina hoe « Kolejin'ireo mpampianatra Md Montfort ».



Nanao fifampizarana koa izy mikasika ny fianana maha misionera azy sy ny nahatratrarany ny faha 75 taona ny 24 Novambra lasa teo.Miandry ny eveka hisolo azy izy satria efa nenken'i Papa Fransoa ny fametrahan-pialany . Manantena izy fa fantatra mialohan'ny volana Aprily 2021 ny eveka vaovao hanolo azy . Aorinan'izay hoy izy , hanohy ny iraka nampanaovina azy any Kanada , firenena niaviany.

Nankahery ireo mpiofana koa izy mba haharitra hatramin'ny farany . Hoy indrindra izy ireo misionera kanadianina no nanomboka ny iraka tao Daru-Kiunga 61 taona lasa izay ary ankehitriny , ireto andiany tanora no hanohy ny iraka .Nangataka vavaka tamin'ity ankohonan-piainana ity moa Mgr Gilles ary nampanantena vavaka manokana ho an'ireo mpiofana ato amin'ity trano fiofanana ity .

Misaotra Mgr Gilles tonga nitsidika ny « Trano monfortanina » sy nankahery ireo tanora mpiofana ao amin'ity ivon-toeran-piofanana ity.. ■



Tranga iainanana, « Trano monfortanina » Bomana, Port Moresby, PNG.

# MANORINA AN'I JESOA AO AMINTSIKA

## Fitsidihana am-pirahalahiana nataon'ny Lehibem-pikambanana Jeneralin'ny « Eudistes »

*Avy amin'i Dola Dhanush*




**Rome, ITALIE** - Ny asabotsy 24 oktobra 2020 teo dia nanome voninahitra lehibe ny Ankohonam-piainan'ny Maison Générale, any Roma, ny fitsidihana nataon'i **P. Jean-Michel AMOURIAUX, CJM**, Lehibem-pikambanan'ny « Congrégation de Jésus et Marie » (CJM) na koa fantatry ny maro amin'ny hoe « Eudistes », avy amin'ny anaran'ny mpanorina ny fikambanany, Masindahy Jean Eudes (1601-1680). Niaraka tamin'i **P. Hyacinthe ALLAGBÉ** avy any Bénin izay mpanampy ny Jeneraly izy, sady tompon'andraikitra amin'ny fandrindrana ireo mpiara-dia maneran-tany sy mitazona ihany koa ny andraikitra maha sekretera jeneraly.

Am-pirahalahiana tokoa ny endriky ny fitsidihana, tsy hoe noho ny fahafantaran'ity misionera avy ao Paris ity ny sasan-tsasany amin'ireo Misionera Montfortana, fa satria, ary indrindra, i Montfort, araka ireo manam-pahaizana ao amin'ny sehatry ny aim-panahy kristianina, dia manana toe-toetra maro mamaritra ny fitsiokan'ny fiainana ara-panahy « bérulien », sahala amin'i Jean Eudes ihany. Ity rivotra ara-panahy ity dia niainga tany amin'ny Kardinaly Pierre avy any Bérulle (1575-1629), mpanorina ny fikambanan'ny pretra « Oratoriens », ka izany no mahatonga azy antsoina hoe « Bérullien ». Jean Eudes dia pretra « oratorien » talohan'ny nananganany ny kongregasiona azy manokana, izay ahitana mpikambana manodidina ny 370 maneran-tany ankehitriny. Izy ihany koa no nanorina ny Fikambanan'ny « L'Ordre de Notre-Dame de Charité» izay nitambratra niaraka tamin'ny «Congrégation de Notre-Dame de Charité du Bon Pasteur» taty aoriana.

Ny anaran'i Jean Eudes, ary mahavariana ihany, dia tsy mba voatonon'i Montfort tao amin'ireo asasorany. Fa ny fampianaran'ity Dokoteran'ny ho avy an'ny Fiangonan'ny « fon'i Jesoa sy Maria » ity dia navahana mazava tsara tao amin'ireo asasoratr'i Montfort. Azo atao ny mandinika ny lohatenin'ireo boky maromaro nosoratan'i Jean Eudes, izay nahitana pitipitiny tao amin'ireo karazana fanambarana nataon'i Montfort tao amin'ny asasorany : **« Ny fiainana sy ny fanjakan'i Jesoa, Ny fitiavana amam-panajana ny Fo Masin'i Maria Virjiny Sambatra, Fifaneken'ny olombelona miaraka amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny batemy masina, Ny fahazazana mahatalanjon'ny Reny Masin'Andriamanitra »**

> "Fa ny fampianaran'ity Dokoteran'ny ho avy an'ny Fiangonan'ny « fon'i Jesoa sy Maria » ity dia navahana mazava tsara tao amin'ireo asasoratr'i Montfort."



Mompera Jean-Michel et Mompera Luizinho

Nandritra ny fihaonana no nitantaran'i P. Jean-Michel ny tanjona ara-panahin'i Jean Eudes. Voafintina amin'ity fehezan-teny ity izany : « manorina an'i Jesoa ao amintsika ». Izany dia fandravonana an'ireo boky 13 mandrakitra ny asa ara-panahy-misionera an'ilay iraka avy any Normandie , izay manipika mazava tsara ny fitodihana mankao amin'i Kristy an'ity hevi-piainam-panahy ity. Amin'ny maha misionera azy moa, ny fiahian'i Jean Eudes dia nipaka tamin'i Montfort koa : ny fiainana anaty ny kristianina hiaina ny batemy noraisiny mba hahaterahan'ilay azo antsoina hoe ny « fihavaozan'ny fifankatiavana » (tenin'ny Papa Fransoa) ao amin'ny fiainan'olombelona. Izany hoe, ity « fiorenan'i Jesoa ao amintsika » ity dia vain-dohan-draharaha lehibe an'ireo mpitarika rehetra ny fianarana ara-panahy, avy any Bérulle, mpamorina ny hevitra, an'i Montfort izay antsoin'i Henri Bremond hoe « ny faralahy amin'ireo bérulliens lehibe ».




St Jean Eudes

Nitondra boky maromaro mifandray amin'ny fitambaran'ireo hetsika izay mitranga ao Vatican ihany koa i P. Jean-Michel mba hanolorana an'i Jean Eudes toy ny Dokoteran'ny Fiangonana. Ireo boky ireo dia manolotra ny fahatsaran'ny fampianaran'i Jean Eudes mba hanampiana ny Fiangonana, amin'izao vanim-potoana izao, amin'ny ady ara-panahy sy misionera. Izany dia napetraka an-karihary ihany koa tao amin'ny « Positio » izay natolotra tao Vatican mba hangatahana ny hanambarana an'i Jean Eudes ho Dokoteran'ny Fiangonana.

Izany hetsika natomboka izany dia efa 5 taona no naharetany. Natolotra tao ireo fijerin'ny Kongregasiona roa naorin'i Jean Eudes. Tamin'ny taona 2016 dia nisy solon-tenan'ireo kongregasiona roa ireo no nanatona ny Papa mba hanambarany ireo fikasàny izay notohanan'ny fivondronam-be ny eveka isan-karazany. Ny taona 2017 kosa dia noentina tany Vatican avokoa ireo boky nosoratan'i Jean Eudes, niaraka tamin'ny fanolorana ny momba ny boky tsirairay. Teolojianina telo no mandinika ireo boky amin'izao fotoana izao. Raha ny mahazatra dia telo taona aorian'ny fandinihana ataony izy ireo no manome ny heviny. Eo am-piandrasana ny valin'io hetsika natomboka io ny Fiangonana ankehitriny.

Ary farany, azo ambara fa mety ho voalohany ao amin'ny tantara ny fihaonana am-pirahalahiana teo amin'ny Lehibem-pikambanana Jeneralin'ny « Eudistes » sy ny Lehibem-pikambanana Jeneralin'ny Misionera Montfortana, izay misolo-tena avokoa ireo Kongregasiona misionera roa nandova ny antso manokana ara-tantara  ho amin'ny fanavaozana ao amin'ny Fiangonana. Ny fihaonana toy izao dia tokony atao matetika ary  antenaina fa azo hatodika amin'ny làlana roa : ny fandalinana miara-dàlana ireo fampianaran'i Masindahy Jean Eudes sy Masindahy Louis Marie ary ny firaisana misionera. Amin'izao fotoana izao dia manao fikarohana amin'ny lohahevitra : « Ny Fanahy Masina ao amin'ny Tononkiran'i Montfort » i P. Jean-Michel. Ny fihaonana am-pirahalahiana, ny fiaraha-mikaroka ary ny firosoana misionera dia tena ilain'ny Fiangonana ankehitriny. Moa va tsy niteny ny Papa Fransoa fa ny fiainam-panahy marina dia tokony hitondra mankany amin'ny « fihaonana miaraka amin'ny hafa, ny firosoana miaraka amin'ny mpiara-belona na ny fitiavana mirehidrehitra ny fitoriana ny Evanjely » (EG78) ? ■

> Ny fihaonana toy izao dia tokony atao matetika ary  antenaina fa azo hatodika amin'ny làlana roa : ny fandalinana miara-dàlana ireo fampianaran'i Masindahy Jean Eudes sy Masindahy Louis Marie ary ny firaisana misionera.






# Ny Fanamavoana an'izao tontolo izao

## 23e cantique - Ny fahavoazan'izao tontolo izao

Andriamanitra lehibe , vonjeo izahay,
Tafio ny kotrokao,
Izao tontolo izao mampiaina anay isan'andro
Ady mahatsiravina eny rehetra eny.
Fahavalo tena fetsy ratsy
Satria izy tena olona tokoa.
2.
Naman'Andriamanitra, miaramila mahery fo,
Andao hiray hina, handray ny fitaovam-piadiana,
Tsy avelantsika hanindry antsika,
Hiady amin'izao tontolo izao sy ny filàny.
Satria Andriamanitra mihintsy no momba antsika,
Ho resintsika izy, hiady aminy isika rehetra.
5.
Inona izao tontolo izao mamitaka ?
Ity fivoriam-be maneran-tany
Ny mpanota izay miady amin'ny Mpanavotra
Amin'ny ady ratsy sy mampivarahontsana,
Matetika tena mivantana,
Fa ny ankamaroany any anaty tsy hita.
15.
Mba handrava ny fahamasinany
Mampiasa fitaka an'arivoarivony ;
Mba hamily azy ireo hiandany aminy
Mamorona tsy an-drariny an'arivony.
Tena marina raha tsy mamingana
Amin'ireo fandrikany meloka !
24.
Izao tontolo izao amin'ny fahajambany
Ny malahelo mihevitra azy ho hendry,
Miaina ao amin'ny hamafisan'ny fony izy :
Izay mandray azy, hatezerana….
Indrisy ! sady tsy mahita izy no tsy maheno,
Izay no mahatonga ny aretiny ho lehibe.



37.
Nampanantena ho an'ny mpanaraka azy izy,
Voninahitra, fafinaretana ary harena moral o
Izay rehefa dinihina dia harena mandoka,
Izay tsy mitondra afa tsy fahoriana.
Eny zava-poana, tena zava-poana !
Ireo no tena fahamarinana.
43.
Na ireo harena be na izay tsy haiko rehetra
Mampidi-doza sy mahafaty ;
Manafina pozina ao aminy,
Izay mandoto antsika sy manamaimbo antsika,
Ny finoana no mampianatra antsika,
Izay ny hendry ihany no mahazo.
47.
Ny tena fahasarotana lehibe,
Ary ny tena lehibe raha ny fahalalako azy.
Dia ny mahazo ny fahamasinana
Ary manana azy tsy misy fatotra ;
Tena ezaka mahagaga,
Tena fahagagana mahavariana. ■

**SÉMINAIRE EN LIGNE SUR LES CANTIQUES DU PÈRE DE MONTFORT**
**Commission de Spiritualité des Missionnaires de la Compagnie de Marie**
**Du 1er au 18 février 2021**

| Dates | Intervenants | Langues | Thèmes | Horaires & Pays |
|---|---|---|---|---|
| Lundi, 1 | Hélène LeMay, fdlS | Français | Quelques jalons d'histoire du chant religieux menant aux Cantiques du Père de Montfort dans l'Église | **08h30**: Méxique, Nicaragua, Pérou<br>**09h30**: Bahamas, Canada, Colombie, Équateur, Etats Unis (New York), Haïti<br>**11h30**: Argentine, Brésil<br><br>**14h30**: Angleterre, Portugal<br>**15h30**: Allemagne, Belgique, Espagne, France, Italie, Bosnie, Croatie, Pays Bas, Pologne<br><br>**12h30**: Burkina Faso, Togo<br>**15h30**: RDC<br>**16h30**: Burundi, Rwanda, Zambie<br>**17h30**: Kenya, Madagascar, Ouganda<br><br>**20h00**: Inde<br>**21h30**: Thailand, Indonésie (WIB)<br>**22h30**: Malaysia, Singapore, Philippines<br>**00h30**: PNG |
| Mardi, 2 | Hélène LeMay, fdlS | Français | La Sagesse dans les Cantiques du Père de Montfort | |
| Mercredi, 3 | Hélène LeMay, fdlS | Français | Les vertus et les fausses sagesses dans les Cantiques | |
| Jeudi, 4 | Hélène LeMay, fdlS | Français | Les Manuscrits des Cantiques du Père de Montfort - 1 | |
| Vendredi, 5 | Hélène LeMay, fdlS | Français | Les Manuscrits des Cantiques du Père de Montfort - 2 | |
| PAUSE | | | | |
| Lundi, 8 | Hélène LeMay, fdlS | Français | Les éditions de Cantiques du Père de Montfort | |
| Martedì, 9 | Efrem ASSOLARI, smm | Italiano | Divina Providenza nei Cantici | |
| Mercoledì, 10 | Maxim GUREZOV ive | Italiano | Povertà in spirito nei Cantici | |
| Giovedì, 11 | Girolamo DAL MASO, smm | Italiano | Montfort: Poeta, nei Cantici | |
| Venerdì, 12 | Maria della NATIVITÀ, ssvm | Italiano | San Giuseppe nei Cantici | |
| PAUSE | | | | |
| Lundi, 15 | Mme Marlène BELLY | Français | "Sur l'air de..." | |
| Mardi, 16 | Jean-Michel AMOURIAUX cjm | Français | Saint-Esprit dans les Cantiques | |
| Wednesday, 17 | Peter MASCARENHAS, smm | English | Eucharist - Blessed Sacrament – Sacred Heart in the Hymns | |
| Giovedì, 18 | Alberto Valentini smm | Italiano | Maria nei Cantici | |





## St. Louis-Marie Grignion de Montfort



**MISSIONNAIRES MONTFORTAINS**

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE
E-mail: rcordium@gmail.com ; http://www.montfortian.info/amqah/